# Découvrez qui vous êtes vraiment

Par Brik V. Eyre
*des soixante-dix*

# Fantaro hoe iza marina moa ianao

Nataon'ny loholona Brik V. Eyre
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*Où que nous en soyons sur le chemin du disciple, notre vie changera fondamentalement si nous comprenons mieux qui nous sommes vraiment.*

*Na aiza na aiza no misy antsika eo amin'ny lalan'ny maha mpianatra, dia hiova tanteraka ny fiainantsika raha takatsika tsara hoe iza marina moa isika.*

Il y a quelques années, notre fille a vécu une expérience profonde en mission. Avec son autorisation, j'aimerais vous lire un passage de ce qu'elle nous avait écrit cette semaine-là :

« Hier, une membre qui revient depuis peu à l'Église nous a demandé de venir chez elle le plus vite possible. Quand nous sommes arrivées, nous l'avons trouvée par terre. Elle pleurait de manière incontrôlable. Entre deux sanglots, elle nous a dit qu'elle avait perdu son travail, qu'elle allait être expulsée de son appartement et qu'elle allait donc se retrouver, une fois de plus, sans abri. »

Notre fille a ensuite écrit : « J'ai commencé à feuilleter frénétiquement mes Écritures pour y trouver quelque chose, quoi que ce soit, qui pourrait l'aider. Alors que je recherchais le parfait verset, je me suis demandé : 'Qu'est-ce que je suis en train de faire ? Ce n'est pas ce que le Christ ferait. Je ne peux pas résoudre ce problème, mais je sais qu'elle est une véritable fille de Dieu et elle a besoin de mon aide.' J'ai alors fermé mes Écritures, je me suis agenouillée à côté d'elle et l'ai prise dans mes bras pour pleurer avec elle, jusqu'à ce qu'elle soit prête à se relever et à affronter cette épreuve. »

Une fois cette femme réconfortée, notre fille a alors utilisé les Écritures pour lui faire comprendre la réalité de sa nature divine et lui enseigner l'une des vérités les plus fondamentales de notre existence : nous sommes des fils et

Taona maro lasa izay, dia nanana traikefa nandona fanahy tamin'ny asa fitoriana nataony ny zanakay vavy. Rehefa nahazo lalana avy taminy aho dia hizara ampahany amin'ny zavatra nosoratany ho anay tamin'izany herinandro izany:

"Niangavy anay mba hitsidika azy faran'izay haingana indrindra ny mpikambana niverina nazoto iray omaly. Rehefa tonga izahay, dia hitanay teo amin'ny tany izy, nigogogogo tsy hay nampanginina. An-dranomaso no nitantarany ka nahalalanay fa very asa izy ary ho voaroaka hiala ny tranony, ka tsy hanan-kialofana indray".

Hoy ilay zanakay vavy nanohy hoe: "Nanomboka nikoropaka nikaroka tao amin'ny soratra masiko aho niezaka nitady zavatra—na inona na inona—hanampiana azy. Teo am-pikarohako ny andinin-tsoratra masina noheveriko ho mety indrindra, dia nieritreritra aho hoe: -Fa inona re ity ataoko e? Tsy izany no ho nataon'i Kristy. Tsy olana azoko vahana ity, fa zanakavavin' Andriamanitra ara-bakiteny izay mila ny fanampiako-. Noho izany dia nakomboko ny soratra masiko, nandohalika teo anilany aho, ary nitazona azy sady niara-nitomany taminy, mandra-pahavonona azy hitsangana sy hiatrika ity fitsapana ity".

Rehefa nahazo fampiononana io vehivavy io, dia nampiasa soratra masina ny zanakay vavy mba hanandrana sy hanampy azy hahatakatra ny tena fisian'ny hasarobidiny masina sy mba hampianatra azy ny iray amin'ireo fahamarinana

des filles bien-aimés de Dieu, un Dieu qui a une compassion parfaite pour nous et qui est prêt à nous aider tandis que nous nous relevons.

Il est révélateur que le premier point de doctrine enseigné par nos missionnaires est que Dieu est notre Père céleste aimant. Toutes les autres vérités reposent sur la compréhension fondamentale de notre véritable identité.

Susan H. Porter, présidente générale de la Primaire, a enseigné : « Lorsque vous savez et comprenez avec quel amour parfait Dieu vous aime, vous, son enfant, cela change tout. Cela change la vision que vous avez de vous-même lorsque vous commettez des erreurs. Cela change ce que vous ressentez quand des choses difficiles se produisent. Cela change votre vision des commandements de Dieu. Cela change votre vision des autres et votre capacité de faire changer les choses. »

Ce changement est illustré par l'expérience de Moïse lorsqu'il a parlé face à face avec Dieu. Au cours de cette conversation, Dieu a enseigné à plusieurs reprises à Moïse son héritage divin, en disant : « Moïse, […] tu es mon fils. » Dieu a expliqué à Moïse qu'il avait été créé à l'image de son Fils unique. Moïse a compris clairement qui il était, qu'il avait une œuvre à accomplir et qu'il avait un Père céleste aimant.

Après cette expérience, l'adversaire est venu le tenter et s'est immédiatement adressé à lui en disant : « Moïse, fils de l'homme. » C'est une arme courante et dangereuse dans l'arsenal de l'adversaire. Notre Père céleste nous rappelle constamment et avec amour que nous sommes ses enfants, tandis que l'adversaire essaie toujours de nous étiqueter en fonction de nos faiblesses. Mais Moïse avait déjà appris qu'il était plus qu'un « fils de l'homme ». Il a demandé à Satan : « Qui es-tu ? Car voici, je suis un fils de Dieu. » De même, lorsque nous sommes confrontés aux difficultés de la condition mortelle ou lorsque nous avons l'impression qu'on essaie de nous étiqueter en fonction de nos faiblesses, nous devons rester forts dans la connaissance de notre véritable identité. Nous devons chercher l'approbation des cieux, et non des hommes. Ce faisant, nous

fototra momba ny antom-pisiantsika, fa isika dia zanakalahy sy zanakavavy malalan' Andriamanitra, ilay Andriamanitra izay mahatsapa fangorahana lavorary ho antsika rehefa mijaly isika ary vonona ny hanampy antsika rehefa miarina isika.

Hevitra feno hakingana ny hoe ny fotopampianarana voalohany ampianarin'ireo misiônerantsika dia ny hoe Andriamanitra no Raintsika be fitiavana any An-danitra. Ny fahamarinana manaraka rehetra dia miorina amin'ny fahatakarana fototra ny hoe iza marina isika.

Nampianatra i Susan H. Porter, Filohan'ny Kilonga maneran-tany hoe: "Rehefa fantatrao sy takatrao fa tena tiana tanteraka ianao amin'ny maha zanak' Andriamanitra anao dia manova ny zavatra rehetra izany. Manova ny fahatsapanao momba ny tenanao izany rehefa manao fahadisoana ianao. Manova ny fahatsapanao izany rehefa sendra zavatra sarotra mitranga. Manova ny fahitanao ireo didin' Andriamanitra izany. Manova ny fahitanao ny hafa sy ny fahaizanao mitondra fiovana izany."

Misy ohatra maneho izany fiovana izany rehefa mamaky momba ny zavatra niainan'i Mosesy fony izy niresaka nifanatrika tamin' Andriamanitra isika. Nandritra izany fifampiresahana izany, dia namerimberina nampianatra an'i Mosesy Andriamanitra ny amin'ny lovany masina, nilaza hoe: "Ry Mosesy, zanakalahiko ianao". Nanazava Andriamanitra fa natao araka ny endriky ny Zanaka Lahitokany i Mosesy. Lasa takatr'i Mosesy mazava tsara hoe iza izy, misy asa tokony hataony, ary manana Ray any an-danitra be fitiavana izy.

Taorin'izany zavatra niainana izany, dia tonga ny fahavalo naka fanahy azy sy niresaka taminy avy hatrany nilaza hoe, "Ry Mosesy, zanak'olona."Izany dia fitaovana mahazatra sy mampidi-doza ao anatin'ireo fitaovana maro ampiasain'ny fahavalo mba hakana fanahy antsika. Raha toa ny Raintsika any An-danitra ka mampahatsiahy antsika tsy tapaka sy am-pitiavana fa zanany isika, ny fahavalo kosa dia hanandrana foana ny hamaritra ny maha isika antsika amin'ny fahalementsika. Kanefa i Mosesy dia efa nianatra fa mihoatra noho ny hoe "zanak'olona" izy. Nanambara tamin'i Satana izy hoe: "Iza moa ianao? Fa indro izaho dia zanak' Andriamanitra". Toy izany koa, rehefa miatrika ireo fanambin'ny fiainana an-tany isika na rehefa mahatsapa isika fa toa misy olona manandrana mamaritra ny maha isika antsika amin'ny fahalementsika, dia

pourrons, nous aussi, déclarer avec assurance : « Je suis enfant de Dieu. »

Dans une réunion spirituelle mondiale pour les jeunes adultes, notre cher président Nelson a déclaré : « Qui êtes-vous ? En tout premier lieu, vous êtes un enfant de Dieu, un enfant de l'alliance et un disciple de Jésus-Christ. Si vous vous attachez à ces vérités, notre Père céleste vous aidera à atteindre votre but ultime de vivre éternellement en sa sainte présence. »

Ce n'est pas une coïncidence si, dans l'Écriture probablement la plus répétée, Dieu nous rappelle notre relation avec lui. Parmi tous les noms par lesquels il pouvait être identifié dans la prière de Sainte-Cène, il a demandé à être appelé « Dieu, Père éternel».

Quand nous serons parvenus à la connaissance de notre véritable identité, nous croirons plus fermement que notre Père céleste aimant a préparé un plan pour que nous retournions vivre avec lui. Patrick Kearon a enseigné : « Le plan merveilleux de notre Père, ce plan 'fabuleux', a été conçu pour vous ramener à votre foyer céleste,paspour vous empêcher de revenir. […] Dieu vous poursuit sans relâche. » Réfléchissez-y un instant : notre Père tout-puissant et aimant « vous poursuit sans relâche ».

Où que nous en soyons sur le chemin du disciple, notre vie changera fondamentalement si nous comprenons mieux qui nous sommes vraiment. J'aimerais vous présenter deux manières d'approfondir cette compréhension.

## Premièrement, la prière

Au début de son ministère dans la condition mortelle, le Sauveur a été emmené dans le désert pour « être avec Dieu». Peut-être qu'au lieu de simplement faire nos prières, nous devrions prendre suffisamment de temps pour réellement communier avec Dieu et « être avec [lui] » chaque jour.

mila mijoro ho matanjaka isika amin'ny fahalalana hoe iza marina moa isika. Amin' Andriamanitra isika no tokony hikatsaka fanamarinana fa tsy amin'olon-kafa. Ary rehefa manao izany isika dia afaka manambara am-pahasahiana ihany koa hoe: "Zanaky ny Ray aho."

Nandritra ny fampaherezam-panahy maneran-tany iray ho an'ny tanora ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra hoe: "Iza moa ianao? Voalohany sy farany manan-danja dia zanak' Andriamanitra ianao, zanaky ny fanekempihavanana ary mpianatr'i Jesoa Kristy. Rehefa mandray ireo fahamarinana ireo ianao dia hanampy anao hahatratra ny tanjonao faratampony mba hiaina mandrakizay eo amin'ny fanatrehany masina ny Raintsika any An-danitra".

Tsy kisendrasendra raha toa ka mampahatsiahy antsika ny rohim-pihavanany amintsika Andriamanitra ao amin'ny iray amin'ireo soratra masina miverimberina indrindra. Amin'ireo anarana rehetra izay azo hiantsoana Azy ao amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo, dia nangataka Izy ny hiantsoana Azy hoe "Andriamanitra, Ray Mandrakizay".

Rehefa lasa fantatsika marina hoe iza isika, dia hino kokoa isika fa ilay Raintsika any An-danitra be fitiavana dia nanome drafitra ho antsika mba hiverenantsika hiaina miaraka Aminy indray. Nampianatra ny Loholona Patrick Kearon hoe: "Ny drafitra mahafinaritra an'ilay Raintsika, dia ilay drafitra -mahavariana[ny]-, dia novolavolaina mba hitondrana anao hiverina any Aminy, fatsyhanakana anao hiditra akory. … Tsy mitsahatra mitady anao Andriamanitra."-Diniho ao anatin'ny fotoana fohy anie izany e! Ilay Raintsika feno hery sy be fiatiavana dia "tsy mitsahatra mitady anao."

Na aiza na aiza no misy antsika eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra, dia hiova tanteraka ny fiainantsika raha takatsika tsara hoe iza marina moa isika. Mamelà ahy handroso fomba roa izay hahafahantsika mampitombo izany fahatakarana izany.

## Voalohany, ny vavaka

Rehefa nanomboka ny asa fanompoany teto an-tany ny Mpamonjy, dia notarihina tany an'efitra Izy mba "hiaraka amin' Andriamanitra". Angamba mila manova ny fomba fisainantsika amin'ny fanononana fotsiny ny vavaka ataontsika isika ka maka fotoana ampy mba hifampiresahana marina Aminy sy "hiaraka amin' Andriamani-

J'ai découvert que la qualité de mes prières s'améliore lorsque je prends quelques minutes pour me préparer à parler à mon Père. Les Écritures nous montrent que c'est un modèle qui fonctionne. Que ce soit Joseph Smith, Néphi, les fils d'Hélamanou Énos, tous ont médité et réfléchi avant leur communication avec Dieu. Énos a dit que son âme était affamée tandis que les paroles de son père pénétraient profondément son cœur. Chacun de ces exemples nous enseigne la nécessité de nous préparer spirituellement pour le temps que nous consacrerons chaque jour à « être avec Dieu ».

Le Sauveur a dit aux Néphites : « Mais quand tu pries, entre dans ta chambre, ferme ta porte, et prie ton Père. »

Que ce soit dans une chambre ou ailleurs, le principe est de trouver un endroit où vous pouvez être seul pour prier, calmer votre âme et ressentir les inspirations du « murmure doux et léger». Nous nous préparons en méditant sur les choses pour lesquelles nous sommes reconnaissants et sur les questions ou les préoccupations dont nous aimerions parler à notre Père. Nous devons nous efforcer de ne pas prier de manière mécanique, mais de vraimentparleravec notre Père, si possible à voix haute.

Je sais que, dans le chaos de notre vie, quand nous nous occupons d'enfants en bas âge ou quand nous courons d'une réunion à l'autre, nous n'avons peut-être pas le luxe de nous retirer dans un endroit calme pour bien nous préparer, mais les prières silencieuses, rapides et faites dans l'urgence, peuvent être beaucoup plus marquantes lorsque nous avons fait l'effort d'« être avec Dieu» plus tôt dans la journée.

Certaines personnes n'ont pas prié depuis longtemps et d'autres ressentent que leurs prières n'ont pas été entendues. Je vous promets que votre Père céleste vous connaît, vous aime et veut que vous lui parliez. Il veut communiquer avec vous. Il veut que vous vous souveniez de votre identité.

Jeffrey R. Holland a récemment enseigné : « Quel que soit le nombre de prières que vous faites déjà, priez davantage. Quelle que soit l'intensité de vos prières, priez avez plus de ferveur. »

tra" isan'andro.

Hitako fa mihatsara ny kalitaon'ny vavaka ataoko rehefa maka minitra vitsy hiomanana aho mba hiresahana amin'ny Raiko. Maneho amintsika ny soratra masina fa lamina mahomby izany. Na i Joseph Smith io;na i Nefia, na ny zanakalahin'i Helamànana i Enôsa, izy rehetra ireo dia samy nanana ny fomba nisaintsainany sy nieritreretany talohan'ny fifandraisan'izy ireo tamin' Andriamanitra izay voarakitra. Nilaza i Enôsa fa mosarena ny fanahiny rehefa tafalatsaka lalina tao am-pony ny tenin'ny rainy.Ny tsirairay amin'ireo ohatra ireo dia mampianatra antsika ny filana miomana ara-panahy isan'andro amin'ny fotoana "[hiarahantsika] amin' Andriamanitra".

Nampianatra ireo Nefita ny Mpamonjy hoe: "Fa ianao kosa rehefa mivavaka, dia midira ao amin'ny efitranonao, ary rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao".

Na efitrano izany na efitrano fandriana, ny fitsipika dia hoe mitady toerana ahafahanao mitokana mba hivavaka, hamela ny fanahinao ho tony, ary hahatsapa ny bitsik'ilay "feo tony sy malefaka".Afaka miomana isika amin'ny alalan'ny fisaintsainana ireo zavatra izay ananantsika fankasitrahana sy ireo fanontaniana na olana izay tiantsika hoentina eo amin'ny Raintsika. Tokony hiezaka isika ny tsy hanao vavaka mandeha ho azy, fahiresakaamin'ny Raintsika kosa, ary raha azo atao dia miteny mafy.

Tsikaritro fa ao anatin'ny korontana eo amin'ny fiainantsika, rehefa manano sarotra ny fifehezana ireo ankizy na mirotoroto amin'ireo fivoriana isan-karazany isika, dia mety tsy hanana ilay efitrano mangina tsara sy ilay fiomanana voasaina tsara—saingy ireo vavaka mangina, haingana ary maika ireo dia mety hanan-danja kokoa rehefa nanao ezaka ny "hiaraka amin' Andriamanitra"tamin'ny fiantombohan'ilay andro isika.

Mety ao ireo olona sasany izay tsy nivavaka nandritra ny fotoana naharitra na olona hafa izay tsy nahasapa fa nohainoina ny vavak'izy ireo. Mampanantena anao aho fa ny Rainao any An-danitra dia mahafantatra anao, tia anao, ary te hahareo vaovao avy aminao. Te hifanerasera aminao Izy. Tiany hotsaroanao hoe iza ianao.

Vao haingana ny Lohona Jeffrey R.Holland no nampianatra hoe: "Na impiry na impiry ianao no mivavaka, dia mivavaha foana. Na efa mivavaka mafy toy ny ahoana aza ianao, dia mivavaha mafimafy kokoa".

En plus d'accroître la fréquence et la ferveur de nos prières, l'étude quotidienne du Livre de Mormon et le culte au temple contribueront à préparer notre esprit à recevoir la révélation. Si nous nous efforçons d'améliorer la qualité de notre communication avec notre Père céleste, il nous bénira afin que nous ressentions plus profondément que nous sommes ses enfants.

Ankoatra ny fampitomboana ny fotoana sy ny hafanam-po amin'ny vavaka ataontsika, dia ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna isan'andro sy ny fitsaohana any amin'ny tempoly no hanampy hanomana ny saintsika amin'ny fandraisana fanambarana. Rehefa miezaka mampivoatra ny fifandraisantsika amin'ny Raintsika any An-danitra isika, dia hitahy antsika Izy hahatsapa lalindalina kokoa fa zanany isika.

## Deuxièmement, parvenir à la connaissance que Jésus est le Christ

## Faharoa, fantaro fa i Jesoa no Kristy

La plus grande manifestation de l'amour de notre Père céleste pour nous, ses enfants, est le fait qu'il a envoyé son Fils, notre Sauveur personnel, pour nous aider à retourner à lui. C'est la raison pour laquelle nous devons connaître le Christ.

Il y a plusieurs années, alors que j'étais président de pieu, j'ai envoyé une recommandation pour qu'un frère soit servant des ordonnances au temple. Après avoir expliqué qu'il serait un excellent servant des ordonnances, j'ai appuyé par inadvertance sur « Ne pas approuver » en voulant soumettre la recommandation. Après avoir essayé en vain d'annuler l'envoi du message, j'ai appelé le président du temple et lui ai dit : « J'ai fait une terrible erreur. » Sans hésiter, ce bon président de temple m'a dit : « Frère Eyre, il n'y a rien que vous ayez fait qui ne puisse être pardonné et finalement corrigé. » Quelle vérité puissante. En effet, Jésus est « puissant à sauver».

Ny fomba lehibe indrindra nanehoan'ny Ray any An-danitra ny fitiavany antsika amin'ny maha-zanany antsika dia ny nandefasany marina ny Zanany, ilay Mpamonjy manokana antsika, mba hanampy antsika hiverina hody. Noho izany dia mila mahafantatra tsara Azy isika.

Taona maro lasa izay, nandritra ny naha filohan'ny tsatòka ahy, dia nanolotra ny anaran'ny rahalahy iray aho mba ho mpiasa mpanatanteraka ôrdônansy ao amin'ny tempoly. Rehefa avy nanazava aho hoe ho mpiasa mpanatanteraka ôrdônansy mahafinaritra tokoa izy, dia nahatsindry tsy nahy ny "aza omena fankatoavana" aho, izay nandefa avy hatrany ilay fanolorana anarana. Rehefa tsy nahomby tamin'ny fanafoanana ny fandefasana ilay hafatra aho, dia niantso ny filohan'ny tempoly ary niteny hoe: "Nanao hadisoana mahatsiravina aho". Dia hoy io filohan'ny tempoly mahafinaritra io hoe: "Ry Filoha Eyre, tsy misy zavatra nataonao ka tsy azo avela heloka ary ho voahitsy amin'ny farany". Fahamarinana lehibe tokoa izany. Marina tokoa fa i Jesoa Kristy no "Ilay mahery ka mahavonjy".

En 2019, des changements importants ont été apportés aux questions de la recommandation pour le temple. Précédemment, on vous demandait si vous aviez le témoignage que Jésus-Christ est le Sauveur et le Rédempteur. Désormais, on vous demande si vous avez le témoignage du rôle de Jésus-Christ en tant quevotreSauveur et Rédempteur. L'expiation de Jésus-Christ ne fonctionne pas seulement pour autrui. Elle fonctionne pour vous et pour moi. Il est mon Sauveur. Il est votre Sauveur. Individuellement. Ce n'est que par lui que nous pouvons, vous et moi, retourner auprès de notre Père.

Ny taona 2019, dia nisy fiovana lehibe tao amin'ireo fanontaniana momba ny fahazoan-dalana hidirana ny tempoly. Teo aloha, dia nisy ny fanontaniana iray nanontany raha toa ianao ka manana fijoroana ho vavolombelona momba ny anjara asan'i Jesoa Kristy amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra Azy. Ankehitriny izany dia manontany raha toa ianao ka manana fijoroana ho vavolombelona momba ny anjara asany amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotraanao Azy. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia tsy miasa ho an'ny hafa fotsiny; miasa ho anao sy ho ahy izany. Mpamonjiko Izy. Mpamonjinao Izy. Ary an'ny isam-batan'olona. Amin'ny alalany irery ihany no ahafahanao sy ahafahako miverina hiaraka amin'ny Raintsika.

Par conséquent, frères et sœurs, recher-

Noho izany, ry rahalahy sy ranabavy, nde-

chons-le. Études sa relation divine avec le Père et avec chacun de nous. Faisons l'expérience du cantique de l'amour rédempteur qui nous parvient personnellement par l'intermédiaire de notre Rédempteur lorsque nous nous repentons. En apprenant à connaître « celui qui est puissant à sauver», nous comprendrons qu'en tant qu'enfants de Dieu, nous sommes sa joie, sa priorité absolue et que chacun de nous mérite vraiment d'être sauvé.

Je témoigne que nous avons un Père céleste aimant. Lorsque nous parviendrons à connaître cette vérité éternelle par la prière fervente, la révélation personnelle et en venant à Jésus-Christ, nous pourrons déclarer avec assurance, maintenant et à jamais : « Je suis enfant de Dieu. » Au nom de Jésus-Christ. Amen.

ha isika hikatsaka Azy. Andao hohalalinintsika ny rohim-pihavanany masina amin'ny Ray sy amintsika tsirairay avy. Andao isika hiaina ny hiran'ny fitiavana manavotra izay tonga amintsika tsirairay amin'ny alalan'ny Mpanavotra antsika rehefa mibebaka isika. Rehefa lasa mahafantatra Azy ho "ilay Mahery ka mahavonjy" isika,dia ho lasa takatsika fa isika, dia zanak' Andriamanitra, fifaliany—zavatra manan-danja indrindra hifantohany—ary tena mendrika ny ho voavonjy tokoa isika tsirairay avy.

Mijoro ho vavolombelona aho fa manana Ray any An-danitra be fitiavana isika. Rehefa lasa fantatsika izany fahamarinana mandrakizay izany amin'ny alalan'ny vavaka amin-kafanam-po, ny fanambarana ho an'ny tena manokana, ary ny fanatonana an'i Jesoa Kristy, dia afaka manambara amim-pahasahiana isika amin'izao fotoana izao sy rahatrizay hoe: "zanaky ny Ray aho". Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.